

# FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY TOAMASINA MADAGASIKARA

JANUARY 2022



FISY FAMPAHAFANTARANA

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Toamasina ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo<sup>1</sup> ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivontoerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.<sup>2</sup> Tany Toamasina, toeram-pitsaboana roa no voakasiky ny fanadihadiana; 163 ireo namaly: 49% tovovavy ary 51% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

## Ny amin'ny fahafahana misitraka

- Mihoatra ny atsasamanila (52%) n'ireo tanora namaly no nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- 78%-n'ny tanora nohadiahadiana no nanamafy fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana.
- 61%-n'ireo mpamaly no nilaza fa misokatra ny tobim-pahasalamana rehefa faran'ny herinandro. 51% ireo nanaiky tao Ankirihiry raha 70% ho an'ny Tanambao V.
- 88% no nilaza fa ahazoana aina tsara ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ny tobim-pahasalamana.
- 39%-n'ireo tanora no nanamafy fa andovam-bola amin'ny sarany \$2 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana. Ho an'i CSBII Ankirihiry dia mitentina hatramin'ny \$3 io sarany voalaza io.

## Kaliñan'ny fikarakarana

- Saika ireo tanora rehetra no nilaza fa manokana fotoana ampy tsara miaraka amin'ireo mpiasan'ny fahasalamana (93%) sy ny hoe voahaja tanteraka izy ireo (92%).
- Nahazo ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny ny 89%-n'ireo tanora nanaovana fanadihadiana.
- Maro (85%) tamin'ireo namaly no nitatitra fa miantoka ny fisian'ny tsiambaratelo.
- Nanamafy ny 81%-n'ireo namaly fa nifanena tamin'ireo mpanolon-tsaina olon-tsahala.

- Roa am-pahatelon'ny tanora (67%) no nitatitra fa nahazo ireo tolotra tsy nila fanatrehana olon-dehibe.
- Nanaiky fa voazaha manokana ny 54%-n'ireo tanora nanaovana fanadihadiana.

## Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- Latsaky ny atsasamanila (40%) ireo tanora nangataka tolotra fanabeazana aizana, ka 70% tamin'izy ireo no nahazo izany. Na izany aza anefa, mbola mila ezaka hatrany hahafeno 100% ny famaliana ny fangatahan'ireo tanora satria fena ilaina amin'ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo ny fisitrahana fampiasana fanabeazana aizana.
- Mbola 45%-n'ireo tovovavy tany Toamasina ihany no nangataka fitiliana fitondrana vohoka, ka 83% no nahazo izany. Dimy isan-jato tamin'ireo no bevohoka nandritra ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana: mbola ilaina hatrany ny ezaka amin'ny fampisitrahana ireo tolotra fanabeazana aizana.
- 19%-n'ireo tovovavy no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana ary 58% no nahazo izany. Ambony kokoa io taha io tany Ankirihiry (72%), oharina amin'ny tany in Tanambao V (43%). Mbola mila ezaka hatrany ny lafiny famatsiana salaka maimaim-poana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana satria izany no isany lalana iray hiantohana ny fahadiovana sy fahasalamana mandritra ny fadimbolana.
- Amin'ireo tovolahy 29% nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofa fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, ka ny 72% tamin'ireo no nahazo fotoana hanatanterahana izany.
- 33%-n'ireo tanora nanaovana fanadihadiana no nangataka hanao fitiliana VIH, ka 88% dia nahazo izany avokoa.
- 43% tamin'ireo nohadiahadiana no nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana aranofo ary 81%-n'ny nangataka izany dia nahazo avokoa.
- 22%-n'ireo tanora namaly no nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ary ny 81% no nahazo izany. Amin'ny ankapobean'ny hita eny amin'ireo hopitaly eny anivon'ny distrika ireo fanafody hahafahan'ny olona miaina miaraka amin'ny VIH SIDA eto Madagasikara.
- Latsaky ny atsasamanila (44%) fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Isany tondro mila ezaka goavana satria mifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

<sup>1</sup> Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.  
<sup>2</sup> Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antananarivany, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY Tsidiho ny:

<https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/>

Tsipirian'ny fifandraisana: Gender Links Madagasikara

Adiresy: Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo

Tel: +261328732519



TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY TOAMASINA MADAGASIKARA

Tondro	Toamasina	CSB II Ankirihiry	CSB II Tanambao V
Totaty	163	84	79
%Vehivavy	49%	47%	52%
%Lehilahy	51%	53%	48%
<b>Mahakasika ny tobim-pahasalamana</b>			
Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? %	52%	52%	52%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? %	78%	77%	78%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? %	61%	51%	70%
Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? %	88%	85%	90%
Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? %	39%	38%	40%
Sandany amin'ny ankapobeany (Dolara)	\$2	\$3	\$2
<b>Kalitaon'ny fikarakarana</b>			
Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? %	81%	74%	87%
Tanora voahaja nandritry ny fizahana %	92%	93%	90%
Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny %	67%	65%	68%
Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana %	54%	53%	55%
Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo %	85%	81%	87%
Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora %	93%	93%	93%
Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany %	89%	85%	92%
<b>Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)</b>			
<b>Fahasalaman'ny Reny</b>			
%Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana	40%	37%	43%
%ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana	70%	70%	70%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka	45%	48%	42%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany	83%	77%	88%
%Tovovavy bevohoka	5%	6%	5%
<b>Fahasalamana mandritra ny fadimbolana</b>			
%Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana	19%	24%	14%
%ireo nangataka salaka ka nahazo	58%	72%	43%
<b>VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo</b>			
%Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra	29%	25%	33%
%Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra	72%	76%	67%
%ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH	32%	25%	40%
%ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo	88%	83%	92%
%ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo	43%	36%	50%
%ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo	81%	83%	79%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra)	22%	15%	29%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany	81%	91%	74%
%-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana	44%	38%	50%